Laharana faha 103 Alahady 7 novambra 2010

Ny Gazety Paris

EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE- PAROISSE DE PARIS

Ny FPMA mandroso ho amin'ny asa misiona

Past Seth RASOLONDRAIBE

Misaotra an'Andriamanitra fa tanteraka soa aman-tsara ny Synoda faha-XXXIII noraisin'ny Faritany Afovoany Andrefana tany LE ROCHETON – La Rochette (77).

Tsaroana tokoa fa nitantana ny fotoana rehetra ny Tompo ary niasa tamin'ny tsirairay avy ny Fanahy Masina noho ny vavaka izay nataon'ny maro. Azo heverina noho izany fa ny fanapahakevitra rehetra dia teo ambany fahazavan'ny Fanahin'Andriamanitra. Anisan'ny fanapahakevitra iray lehibe tamin'izany dia ny ananganana **rafitra misionera** eto amin'ny FPMA.

Nahoana no mila izany isika ?

Satria baikon'ny Fanahy Masina izany

Hoy mantsy Jesosy Kristy raha niala teto amin'izao tontolo izao Izy hoe "… ataovy mpianatra ny firenena rehetra… " (Mat.28.19). Hoy koa ny Fanahy Masina ao amin'ny Asa 13.2-3 "Ary raha nanao fanompoam-pivavahana ho an'ny Tompo sy nifady hanina ireo, dia hoy ny Fanahy Masina : Atokany ho Ahy Barnabasy sy Saoly mba hanao ny asa izay efa niantsoako azy." Hatreo ry havana, dia toa nikatona tao amin'ny rindrina efatra ny fiangonana. Tsy nihevitra ny hiparitaka eran'izao tontolo izao.

Dia tonga ny fanenjehana tany Jerosalema ary niparitaka ny mpino ka nizara ny famonjena tamin'ny hafa tany amin'ny toerana izay nalehany rehetra. Eto amin'ity Asa 13 ity dia ny Fanahy Masina mihitsy no maniraka ankehitriny hoe "Atokany ho Ahy Barnabasy sy Saoly…" Avy tamin'io fiangonan'I Barnabasy sy Saoly tao Antokia io no niparitahan'ny Filazantsara eran'izao tontolo izao.

Satria izay ihany no hahatratrarana ny tanjona kendren'ny FPMA : finoana velona ho an'ny olona rehetra

Inona moa no atao hoe finoana velona ?

Finoana mitombo na io fampitomboana ny finoanan'ny mpino io no andraikitry ny Misiona ao anatin'ny Fiangonana ary tanterahintsika izany amin'ny alalan'Ilay antsointsika hoe : "Cathechisme de toute la Communauté" na fitaizam-pinoana ho an'ny Fiangonana manontolo.

Ny lafiny iray amin'ilay finoana velona kosa dia **finoana zaraina** ; izany no antony hananganana rafitra misionera mba afahan'ny mpino rehetra manao ny asa fitoriana Filazantsara sy ny fijoroana vavolombelona isan-karazany eo amin'ny manodidina antsika

Adidin'ny Fiangonana ireo rehetra ireo mandra-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao ary noho izany dia fanapahakevitra lehibe tokoa ny nanaovan'ny FPMA hoe 'hatsangana ny rafitra misionera'.

Amin'ny maha-Fiangonana efa nandray maimaimpoana avy tamin'ny Tompo antsika FPMA Paris dia tokony ho loha-laharana amin'izany fandrosoana ho amin'ny asa misionera izany isika rehetra. Koa ny hafatra ho antsika dia izay voalaza ao amin'ny Matio 10.8 "efa nahazo maimaim-poana hianareo ka manomeza maimaimpona"

Atolory ny tenanao mba ho fiasàna eo an-tanan'Andriamanitra hampandrosoana ny fanjakany eto amin'izao tontolo izao ary tsarovy fa hoy ny Apositoly Paoly hoe : "Lozako raha tsy mitory ny Filazantsara aho…"'(1Kor.9.16).

Ho tanterahin'ny Tompo amintsika anie, ry Havana, izany Fiangonana manana finoana velona izany, dia finoana mitombo sy finoana zaraina. ■

SYNODA LEHIBE FAHA 33
Dingana vaovao !

Araka ny efa nambara moa dia ny 30, 31 Oktobra ary ny 1 Novambra lasa teo no notanterahina tany La Rochette (77) ny Synoda Lehibe faha 33-ny FPMA.

Ny Synoda moa no fahefana fara-tampony manapa-kevitra (la plus haute instance déliberative, hoy ny teny frantsay) eo amin'ny fitantanana ny Fiangonana.

Ny manatrika ny Synoda moa dia ny Mpitandrina rehetra ato amin'ny FPMA, ny Filohan'ny Tafo rehetra, ny Filohan'ny Sampana iraisana rehetra, ny Filohan'ny Sampan'asa iraisana rehetra, ny Filohan'ny Faritany rehetra, ny Birao Foibe : ireo no mahazo mifidy manapa-kevitra. Fa manatrika ny Synoda ihany koa, ary mandray anjara feno fa tsy mifidy kosa ny Filohan'ny Vaomiera nasionaly rehetra, ny Mpandini-bola nasionaly, ary solontena asaina manokana.

▸▸PEJY 3

"Pierrefonds : le STK Paris rencontre les jeunes de la FPF !"

Dans le cadre de l'intégration et de l'ouverture de la FPMA à la Fédération Protestante de France, quelques jeunes de l'église se sont rendus à Compiègne pour participer à un week-end à destination des jeunes de la région parisienne : « Pierrefonds 11 : l'esprit sportif », ou comment retrouver et garder la forme (spirituelle) devant Dieu. Il était organisé par l'ERF (Eglise Réformée de France) et l'EELF (Eglise évangélique luthérienne de France). Ils partagent ce qu'ils ont vécu là-bas :

« Samedi, nous avons rejoint des jeunes habitant en région parisienne de l'ERF et de l'EELF. Après un trajet en car ensemble au départ de Paris, l'accueil nous a plongés directement dans la louange et la prière avec des chansons vivantes qui « boostaient » directement notre foi par un exercice spirituel de réjouissance hors du commun. Rindra disait : « ***J'ai jamais vécu le fait de sauter en chantant pour Dieu, ça faisait très Worship comme dans les DVD de HillSong. En tout cas, je vivais pleinement un autre type de louange, une louange vivante pour un Dieu vivant. Ca a fait du bien à ma foi et à ma relation avec Dieu. Ca m'a rapproché de lui***. »

Puis s'en est suivi une ballade en forêt, mais aussi des ateliers ludiques selon les catégories d'âge. Après le dîner, nous avons fini la soirée tous ensemble en écoutant les témoignages venant d'un sportif de haut niveau comme Marco Ceara - le joueur du PSG - ou encore le Général Jean-Fred Berger - Chargé

des Relations Internationales de l'Armée de Terre. Ce fut un des moments les plus forts du week-end, surtout lorsque Marco explique comment il a préféré continuer à parler de ce que Jésus à ses coéquipiers et se faire renvoyer de son club au lieu de se taire. Et c'est ce que Rohy a appris durant ce week-end : « Dieu touche le coeur de tous : ***les plus jeunes, les moins jeunes, que tu sois footballeur, général, Arabe, malgache*** ». Et Rohy de continuer : « ***J'ai appris aussi que le Saint-Esprit oeuvre en nous, que nous avons a découvrir nos dons et nous en servir pour toucher le coeur des gens et faire grandir l'Eglise.*** »

Le dimanche, nous avons eu droit à un parcours de prière. Il consistait en une série de petites étapes avec un sujet de prière à chaque étape. Chaque sujet de prière était appuyé d'un court texte et/ou d'un verset expliquant ce sujet de prière. Par exemple : notre relation avec Dieu, avec nos amis, nos peurs, etc. Chacun de nous a aussi participé à deux ateliers avec des thèmes vraiment pertinents : la foi et les nouvelles technologies – IPhone, facebook, msn, twitter, myspace, etc - , la foi et le sport, la foi et le showbusiness, la vocation pastorale, la foi dans les épreuves, etc.

Par ces ateliers, Tojo a ainsi appris qu'"***avant même de penser à témoigner de ce qu'a fait Jésus, il faut aimer la personne qu'on a en face de soi, comme le faisait Jésus lui-même***".

Et Dialy ajoute : « ***Pour témoigner notre foi et vivre à l'image du Christ, on doit aimer son prochain et l'aider "en action", prier ne suffit pas.*** »

C'était très enrichissant.

Nous avons terminé notre week-end le dimanche après-midi par un culte, avec une prédication du jeune apprenti-pasteur Nathan sur l'appel à suivre Dieu, l'appel à s'engager dans l'aventure merveilleuse que Jésus nous propose de vivre avec Lui. Ce culte s'est achevé sur une vague de prières et d'engagements manuscrits formulés par tous les jeunes présents. Dialy, elle, a décidé de consacrer du temps pour participer aux actions d'aide aux personnes dans le besoin – comme distribuer des soupes.

Pierrefonds reste un séjour magnifique à renouveler sans hésiter pour nous. Ce week-end nous a ouvert les yeux sur ce qu'était la vie avec Jésus. Chacun de nous a ramené quelque chose. Damien, par exemple, a pris la décision de prier davantage et de se remettre au sport ; alors que Rindra a renouvelé son engagement envers Dieu, et souhaite vivre POUR Lui.

Rendez-vous l'année prochaine pour sa prochaine édition ! »

FISAORANA

Misaotra an'Andriamanitra isika fa tanteraka soa aman-tsara ny synoda lehibe ny Fpma tamin'ny 30, 31 oktobra ary 1er novambra teo. Hita sy tsapa fa ny Tompo Jesosy no nitantana sy nampahery ny mpizaika rehetra nandritr'izany fotoana izany. Ary dia raha misaotra an'Andriamanitra isika dia maneho fisaorana anareo rehetra izay nifarimbona tamin'ny fikarakarana sy ny fanantontosana izany fotoana izany, nanomboka ny zoma 29 oktobra hariva ka hatramin'ny alatsinainy 1er novembre hariva.

Vao tonga ny asabotsy maraina ka nahita ny efitrano hivoriana tena milamina sy voaravaka ary ny rehetra efa vonona avokoa teo amin'ny fandraisana ny mpizaika dia nahazo hery tokoa. Tsy tanteraka anefa izany raha tsy tao ny fahafohizan-tena na tamin'ny fotoana na tamin'ny hery natolotrareo ny Tompo Jesosy ho fampandrosoana ny asany.

Ary ny zava-dehibe izay tena tsy kely tokoa dia ny fitondranareo am-bavaka izany synoda izany nandritry ny fanomanana, ary indrindra koa nandritry ny fizotra ny synoda izay nahitana antsika tsy nitsahatra nivavaka sy niari-tory tao amin'ny efitrano manokana natokana ho amin'izany, ary tao koa ianareo rehetra izay nanatanteraka izany fotoam-bavaka izany tany amin'ny tokantranonareo tsirairay.

Koa dia Jesosy Tompontsika izay manan-karem-pahasoavana no hampahery anareo hatrany ary hanonitra avo zato heny ny hery sy fotoana laninareo nandritry izany fotoana izany. Izy no handrotsaka sy hampitobaka ny Fahasoavany Feno ho aminareo sy ny ankohonanareo. Misaotra tompoko !

Dia mbola mangataka antsika tsy hitsahatra hahatsiaro am-bavaka hatrany ny asa rehetra eo anivon'ny Fpma manontolo.

Voninahitra ho an'Andriamanitra Irery ihany tamin'izay rehetra tanteraka ary ny fiadanany anie ho amintsika mandrakariva

Ny biraon'ny Fiangonana Fpma-Paris

SYNODA LEHIBE FAHA 33, dingana vaovao !

Ary dia saiky tonga namonjy izao synoda izao avokoa izy ireo.

Ny Faritany Afovoany Andrefana izay misy antsika Tafo Paris moa nandray ity synoda ity..

Telo andro nahafahan'ny mpivory nanao fifanakalozana sy namaha ny olana ary nandray fanapahan-kevitra tao anatin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fiaraha-mivavaka sy fiaraha-mandinika ny Soratra Masina.

Dingana vaovao lehibe sady mahafaly tokoa ny toerana nomena ny VAVAKA sy ny fandinihana Soratra Masina tamin'ity Synoda ity : voafaritra hatrany tao anatin'ny tanisa dinika nandritra ny telo andro ny "méditation".

Teo ihany koa ny fitondrana am-bavaka nandritry ny fanomanana, ary indrindra koa nandritry ny fizotran' ny synoda izay **nahitana vondron'olona tsy nitsahatra nivavaka sy niari-tory tao amin'ny efitrano manokana natokana ho amin'izany, isan'andro manomboka ny maraina ka hatramin'ny hariva nandritra ireo telo andro ireo.**

Tamin'ny fo feno hafaliana ihany koa no nifarimbonan'ireo tanora sy ireo tompon'andraikitry ny Fiangonana nanatontosa ny fandraisana ny mpizaika : fisoratana anarana, fandoavana saran-dasy, fizarana "badges" ho an'ny tsirairay, fandaminana ny fisakafoanana sy ny fatoriana mandritry ny telo andro …

Tarehy miramirana no taratra tamin'ny rehetra teo am-pahatongavana, nifanatsafa, nandray ny sakafo maraina (café, thé, viennoiserie, jus…) nomanin'ny mpikarakara.

Tsy latsa-danja koa ny sakafo maivana (goûter) nokarakarain'ny sampana Vehivavy sy ny sampana Fifohazana ho an'ny mpivory isaky ny misy fiatoana.

Fitondrana am-bavaka ny fivoriana

Nanomboka tamin'ny 10 ora maraina ny fidiran'ny mpivory tao amin'ny efitra lehibe voaomana ho amin'izany. Nampahery ny rehetra ny nahita ny hatsaran-tarehy sy filaminan'ny toeram-pivoriana izay voaravaka tsara niampy ny fitaovana àry fomba samy teny amin'ny toerany avy (tsy ambany lanja noho izay hita amin'ireny-toeram-pivoriana lehibe hafa ireny).

Nanomboka tamin'ny 10 ora sy sasany ny fanompoam-pivavahana fanokafana, ary

taorian'izany dia niditra teo amin'ny fandinihan-draharaha.

Birao Synoda

Nolanian'ny mpivory, rehefa natolotry ny Birao Foibe ka nankatoavin'ny Komity Maharitra ho biraon'ny synoda hitantana ny fivoriana moa ka ho :

-Filoha: Andriamatoa Roland RATIARISON,
-Filoha Mpanampy: Andriamatoa Bruno RANDRIANARIMANANA.
-Mpitan-tsoratra : Ramatoa isany Sahondra RAMANAMBELO, Bakoly RAKOTONIRINA ary Ramatoakely Fanja RASAMOELY.
-Mpanisa vato: Atoa isany, Andrianaivo RAMANAMBELO, Christian RANTOANINA, Francis RANDRIAMANGA, Danick ANDRIANARILIVA, Yves ANDRIANAHAGA

Fivoriana sivy no notontosaina tao anatin'izay telo andro izay, ka tao anatin"ireo fivoriana ireo dia nanana ajara toerana maharitra ny fiaraha-mandinika Soratra Masina sy fiaraha-mivavaka. Ny aim-panahy azo

Past. Marc Yves RAKOTOARIMANGA mivady

tamin'izany no nahazoana nahavitana ireo zava-dehibe, namahana olana ary nametrahana ireo asa amin'ny ho avy.

Fanokanana Mpitandrina

Isaorana ny Tompo Jesoa Lohan'ny Fiangonana fa vatokana ho Mpitandrina tamin'ity Synoda Lehibe faha-XXXIII ity Andriamatoa Rakotoarimanga Marc Yves izay mitandrina ny Tafo FPMA Grands Champs Paris.

IREO HAFATRA LEHIBE

Raha fintinina dia toy izao no hafatra nentin'izao Synoda izao :

● Nekena ny hanokanana ho Mpitandrina an' Andriamatoa Désiré ANDRIANARIVO, mpitandrina mpandrindra ny Tafo Dijon sy ny Faritany Avaratra Atsinanana sy Andriamatoa Clément RAKOTO, mpitandrina mpandrindra ny Tafo Lyon sy Saint Etienne;

● Tsy misy intsony ny Tafo Ivry Famonjena, tsy azo ampiasaina intsony ny anarana Tafo Ivry Famonjena ary dia najoro ny Tafo FPMA Vato Fehizoro sy ny Tafo FPMA Vincennes izay samy ho ao amin'ny Faritany Afovoany Atsinanana

● Naroso tamin'izao Synoda Lehibe faha-XXXIII izao ny Soritrasam-Piangonana ho amin'ny 6 taona ho avy izay mifototra amin'ny« Fitaizam-pinoana ho an'ny daholobe » ▸▸PEJY4

Synoda Lehibe faha 33

(Catéchèse de toute la Communauté) natao hiainan'ny isan'ambaratonga rehetra.

● Nihevitra izao Synoda Lehibe faha-XXXIII izao fa tsara ny handinihana any amin'ny Tafo sy ny Faritany ny foto-dalàna rehetra mikasika ny fitantanana ny FPMA. Hampita ny hetahetany avy izy ireo, hampakatra izany any amin'ny ambaratonga isan-tsokajiny.

● Nofidina ny mpikambana ao amin'ny Birao Foibe ka voatendry tamin'izany:

Filoha Synodaly : Rev. Dr. Andriamarohasina Ravalitera Jean
Filoha Mpanampy Mpitandrina : Pasitera Andrianomenjanahary Solo
Filoha Mpanampy laïka : Atoa Ratiarison Roland
Tonia : Atoa Ramarotafika Rado
Mpitahiry vola : Atoa Solo Rabarimanana Elysé
Mpandraharaha ny vola : Atoa Randriambololona Laurent
Mpanolon-tsaina : Pasitera Raharindranto Falimanana

● Notendrena ho Mpanamarimbola:
Atoa Ranaivoson Heriharijaona sy Atoa Rakotomalala Ertz.

Nofaranan'ny Filoha Synodaly tamin'ny vavaka ny fotoana ary taorian'izany dia naneho fisaorana ny Biraon'ny Synoda, sy ny Faritany Afovoany Andrefana ary ny mpivory rehetra izy.

Nisaraka am-pifaliana ny rehetra rehefa avy naka sary.

ZAIKABEM-PARITANY AFOVOANY ANDREFANA

13, 14 Novambra 2010

Jambville 78

« …mba ho hita ho fiderana sy voninahitra ary fankalazana ny fizahan-toetra ny finoanareo » I Petera 1. 7

"Mifalia amin'ny fanantenana: miareta amin'ny fahoriana; mahareta amin'ny fivavahana" Romana 12.12

Asabotsy 13 Novambra

09H00-11H00 : Fahatongavana sy fandaminana
11H00-12H00 : Fanompoam-pivavahana fanokafana
-Mitarika : Pasteur Marcellin Razafimahatratra
-Mitoriteny : Pasteur Hanitra Raobinarison
12H15-13H30 : Sakafo
14H00-15H00 : Fampianarana : ***"Ny fianakaviana manoloana ny fitsapana eo amin'ny fiainana ".***
"La famille face aux épreuves de la vie"
Pasteur Seth Rasolondraibe
15H15-16H30 : Ateliers
16H30-17H30 : Goûter sy Fanatanjahan-tena
17H45-18H30 : Fivorian'ny isan-tSampana
18H45-20H00 : Sakafo

20H30- : ***Antsam-panahy ataon'ny Sekoly Alahady sy ny Antoko Mpihira FAFAN*** tarihin'i Pasteur Marcellin Razafimahatratra

Alahady 14 Novambra

06H30-07H30 : Asa sy Fampaherezana

08H00-09H00 : Sakafo

09H15-10H15 : Fampianarana SAP ***"Ny misionan'ny Fiangonana"***
Pasteur Seth Rasolondraibe

10H30-12H00 : ***Fanompoam-pivavahana famaranana sy Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo***
-Mitarika :Pasteur Rasoanirina Raharinoro
-Vakiteny: Pasteur Saholy Andrianasolo
-Vavaka : Pasteur Fara Randriambolaharisoa
-Mitoriteny : Pasteur Marcellin Razafimahatratra
-Fandraisana: Ny rehetra
12H30 : Sakafo atoandro sy fodiana
Toerana : Château de JAMBVILLE – 78440 JAMBVILLE
Fisoratana anarana : Atoa Hery RANDRIAMBOLOLONA (06.24.96.25.68), Atoa Naina RALANTOSON (06.16.04.05.05), Rtoa Olivia DAROUSSI (06.84.60.22.93)

FANDRAISAN'NY MPITANDRINA
Atalata: 9 ora - 12 ora
Alakamisy: 9 ora - 12 ora
Ny andro hafa: RDV
47, Rue de Clichy 75009 Paris

RADIO FPMA PARIS
100.7 Mhz
2èmes Dimanches
14 : 15 : 00